



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-162

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA  
NY VOLAVOLAN-DALANA, LAHARANA FAHA-017/2021 TAMIN'NY 29  
SEPTAMBARA 2021 "PORTANT AUTORISATION DE LA RATIFICATION  
DE LA CHARTE DE LA RENAISSANCE CULTURELLE AFRICAINE"**

Fivoriana faha-4  
Natao ny  
Alakamisy 28 Oktobra 2021  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Alakamisy 28 Okobra 2021, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2021 tamin'ny 29 Septambra 2021 «portant autorisation de la ratification de la charte de la renaissance culturelle Africaine».

Nitohy ny Alakamisy 28 Okobra 2021, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitra mikasika izany.

Nanatanteraka izany Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot, ka toy izao ny fivakiny.

Nivory ny Alarobia 27 Oktobra 2021 tamin'ny 9 ora sy 45 minitra, maraina, ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroana ny Zavakanto; ny Vaomieran'ny Serasera sy ny Fampahalalam-baovao ary ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana sy ny Vaomieran'ny Fanabeazam-pirenena, nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2021 tamin'ny 29 Septambra 2021 «autorisant la ratification de la charte de la renaissance culturelle Africaine».

Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot, Filohan'ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroana ny Zavakanto no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana.

Ireo mpikambana avy amin'ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroana ny Zavakanto,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
2. RAHASIMANANA Paul Bert
3. MBADE Jeannine Gabrielle

Ny mpikambana avy amin'ny Vaomieran'ny Fanabeazam-pirenena

- Andriamatoa RANDRIANARIVELO Justin Abel

Tsy nisy tonga niatrika ny fivoriana kosa ireo mpikambana avy amin'ny Vaomieran'ny Serasera sy ny Fampahalalam-baovao ary ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana.

Ireto avy ireo teknisiana tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- |                                 |         |
|---------------------------------|---------|
| 1. RALAIMAZAVA Johary           | SG/MCC  |
| 2. RAHALISON Onjaniaina Adolphe | DAJ/MCC |
| 3. RAZAFIARISON Francis         | DG/MCC  |
| 4. RAKOTOMAVO Tsiky             | DIC/MCC |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia nanome fitenenana ny teknisiana avy hatrany mba hanazava ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana fa ity volavolan-dalàna ity dia manakaiky ny kolotsaina Malagasy. Efa nosoniavin'ny Fanjakana Malagasy tamin'ny 31 Janoary 2014 ity «Charte de la renaissance culturelle Africaine» ity, ka tokony efa ho nandalo fankatoavana tety anivon'ny Antenimierampirenena.

Ny zava-kendren'ny «Charte de la renaissance culturelle Africaine» dia:

- Hanangana ny vondrona Afrikana eo amin'ny lafiny fahasamihafan'ny kolotsaina;
- Hampiroborobo sy hanamora ny fiaraha-miasa ara-kolotsaina eto Afrika;
- Fampiroboroboana ny miralenta eo amin'ny lafiny kolotsaina;
- Hanangana ny «Fonds Africain du Patrimoine Mondial» sy ny «Maison de l'Afrique» mba hahafahan'ny «Diaspora» mampiroborobo sy mampahafantatra ary miaro ny kolotsaina Afrikana.

Nomarihan'ny teknisiana hatrany fa tsy mifanohitra velively amin'ny Politika Koltoraly Malagasy ny voalazan'ity volavolan-dalàna ity ary manamafy ny tanjon'ny Fanjakana amin'ny fampiroboroboana ny kolotsaina, indrindra ny haren-tsaina Malagasy na ny azo tsapain-tànana na ny tsy azo tsapain-tànana.

Manoloana izany, nilaza ireo Solombavambahoaka nanatrika ny fivoriana, fa tohin'ny ny ezaka efa nataon'ny firenena momba ny fanatontoloana eo amin'ny sehatra koltoraly izy ity ka tsara ankatoavina sy raisina. Voalaza tokoa mantsy fa efa hatramin'ny taona 2014 no nandraisana io "Charte de la renaissance culturelle Africaine" io. Nanambara araka izany ny mpivory fa tsy tokony hasiana sakana ny fandaniana izao rijan-teny izao.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna ny mpivory. Araka izany, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zavakanto ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2021 tamin'ny 29 Septambra 2021 «autorisant la ratification de la charte de la renaissance culturelle Africaine» ary hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 10 ora sy 45 minitra, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Nisaotra ny mpampakateny tamin'ny famakiany ny tatitra, Ramatoa Filoha, taorian'izay ary nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny mpivory, ka niangaviany mba hanangan-tànana izay manan-kolazaina mikasika izany ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny mpivory.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba ahafahany mamelabelatra amin'ny ankapobeny ny volavolan-dalàna.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa RAKOTONDRAZAFY Andriatongarivo Lalatiana, Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina dia nanambara fa efa nankatoavina tany amin'ny OUA na ny "Organisation de l'Unité Africaine" ity volavolan-dalàna ity. Ny antony, mba ahafahana manatanteraka ny "Identité Culturelle Africaine" sy hanomezana lanja ny kolotsaina Afrikana koa raha ny tantara no jerena.

Ny 10 Novambra 1976 no nankatoavin'i Madagasikara tamin'ny alalan'ny didy hitsivolana na ny "ordonnance n°76-038" tamin'ny 10 Novambra 1976" ny "charte culturelle de l'Afrique". Midika izany fa efa tao anatin'ny lalàna manan-kery teto amin'ny firenena izany.

Niova ho "Union Africaine" anefa ny OUA taty aoriana, ka nisy "mise à jour" tsy maintsy natao. Tamin'izany no tafatsangana ny "charte de la renaissance culturelle Africaine". Nanomboka tamin'ny volana Oktobra 2020 dia efa nanomboka nanan-kery io fanavaozana ny «charte culturelle de l'Afrique» io ary mifanaraka amin'ny lalàna laharana faha-2021-019 tamin'ny 4 Aogositra 2021 izay mifehy ny politikam-pirenenan'ny kolotsaina eto Madagasikara.

Nomarihany koa fa hanamafisana ny firaisan-kina ao amin'ny vondrona Afrikana ity «charte» ity ary hampitovy lanja sy lenta ny kanto atỳ Afrika. Ohatra amin'izany, ny hananganana ny «maison de la culture» mba hivondronan'ireo «diaspora» any amin'ireo firenena ivelan'i Afrika.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Minisitry, tamin'ny famelabelarana narosony, Ramatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka izay nangataka izany.

Nilaza Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, raha nomena fitenenana, fa miverina indroa ny teny hoe: "de la" ao amin'ny andininy voalohany, ao amin'ny "exposé des motifs" ka tokony hahitsy.

Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, kosa nanontany raha tena nandray anjara tsara ny firenena Malagasy tamin'ny famolavolana ity "charte de la renaissance culturelle Africaine" ity satria fanomezana hasina ny kolotsainan'ny firenena iray izy ity rehefa mandeha any amin'ny firenena hafa ny olona iray. Izany hoe, «diaspora» koa ny Afrikana monina eto amintsika, fa tsy voatery ho ny Eropéana na isika Malagasy ihany no antsoina hoe "diaspora". Azo laaina fa mpanavakavaka ihany isika raha dinihina.

Raha nomena fitenenana hamaly izany, Ramatoa Minisitry, nambarany fa voaray ny fanitsiana naroson'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson teo, ka hatao izany.

Momba ny fanontanian'Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee kosa, efa tamin'ny taona 2006 no nolanian'ny «Union Africaine» io “charte” io ary tamin'ny 31 Janoary 2014 no nanaovan'i Madagasikara sonia azy. Efa nodinihan'ny Governemanta tsara izy ity araka ny didim-panjakana laharana faha-2021-961 tamin'ny 29 Septambra 2021. Rehefa namaky ny «charte» izahay dia nahita fa mety amintsika eto Madagasikara ny fametrahana ny «Identité Culturelle Africaine» satria tsy mifanipaka amin'ny «identité culturelle» eto amintsika izany. Tsara ho fantatra ihany koa fa efa samy manana ny “identité culturelle”-ny avokoa ny firenen-dehibe toy ny ao amin'ny vondrona Eropéana, ka izay no antony anaovantsika ity «ratification» ity satria hampiroborobo ny kolotsaina atỳ Afrika izany.

Tokony hanana ny mampiavaka azy ny Afrikana ary mila manome lanja ny kolotsainy koa amin'ny alalan'ny fametrahana ny «maison de l'Afrique» any amin'ireo firenena manana «diaspora» maro. Izany hoe, ny «identité» ara-kolotsaina no arovana mba tsy ho very manoloana ny “mondialisation” izay mampahazo vahana ny firenena tandrefana.

Ezaka lehibe ihany koa no ataontsika ahafahana mampiroborobo ny harem-bakoka ananantsika, mba ho tafiditra ao anatin'ny “patrimoine mondial” satria mbola vitsy ny harem-bakoka Afrikana tafiditra amin'izany. Ho an'i Madagasikara izao, mbola roa monja ny harem-bakoka tafiditra ao amin'ny “patrimoine mondial”. Raha ankatoavintsika ity volavolan-dalàna ity, hahazo tombony isika satria hifanohana ny firenena Afrikana. Tsara ho fantatry ny rehetra fa sarotra ny mampiditra vakoka iray ho anisan'ny “patrimoine mondial”. Ohatra amin'izany, ny hampidirana ho “patrimoine mondial” ny fiangonana Katolika eny Ambodifitatra, izay fiangonana Katolika voalohany nitsangana teto Madagasika ary manana ny antsoina hoe “valeur universelle exceptionnelle”. Izay no anisan'ny takiana rehefa mampiditra vakoka iray ao anatin'ny “patrimoine mondial”.

Hita fa tsy mifanohitra amin'ny “politique culturelle” eto Madagasikara ity “charte” ity, ka izao entina angatahana fankatoavana eto amin'ny Antenimierampirenena izao.

Tsy tokony hatahotra ny Solombavambahoaka raha ity “charte” ity no jerena satria tombotsoa ho an'i Madagasikara ny fankatoavana azy.

Rehefa niverina nandray fitenenana, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson dia nanentana ny Solombavambahoaka mba handany ity volavolan-dalàna ity satria hampikambana sy hampifandray ny Malagasy amin'ireo firenena Afrikana hafa ny fankatoavana azy.

Fisaorana sy fankaherezana an-dRamatoa Minisitry, tamin'ny asa vitany kosa no nataon'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa raha nandray fitenenana. Nambarany koa fa nitondra vokatsoa ho an'ny firenena ny fanaovana ny asa tagnamaro izay notarihan'ny Minisitry.

Nangataka ny hampitomboana ny “éducation civique” ihany koa ny tenany satria ilaina amin'ny fampandroasoana ny firenena ny fanajana ny zokiolona.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony, nanambara, Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2021 tamin'ny 29 Septambra 2021 ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ity volavolan-dalàna ity ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy azo kitihana ny andininy ao anatin'ny fifanarahana, fa na ankatoavina na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.

Nambarany ihany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'ny fandraisana ny fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka maro no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny. Tsy nisy nilaza fa ahemotra ny fandaniana.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2021 tamin'ny 29 Septambra 2021 «portant autorisation de la ratification de la charte de la renaissance culturelle Africaine».

Taorian'izay, nomena fitenenana, Ramatoa Minisitra. Fisaorana ny Antenimierampirenena tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna no nataony ary nambarany fa zava-dehibe ho an'ny firenena ny fahalanian'izany satria hampiroborobo ny kolotsaina eto Madagasikara.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Minisitra, Ramatoa Filoha, tamin'ny fihaonana natao teto dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka; ka ny Alakamisy 28 Oktobra 2021, amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny tolo-dalàna laharana faha-002-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°68-012 du 4 juillet 1968 relative aux successions, testaments et donations, présentée par la députée RAKOTOMANGA Lantoarivelo Sadera», Kestora Faharoan'ny Antenimierampirenena ary nanentana azy ireo mba ho tonga mavitrika amin'ny fanatrehana izany.

Niato tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**